Ambohitsirohitra, faha-15 jona 1975

KABARY NATAON'NY PRDM TAMIN'NY NANDRAISANY
- NY FAHEFANA TAMIN'NY 15 JONA 1975 -

ARCHIVES

Ry Jeneraly,

Takila vaovao eo amin'ny tantaram-pirenena no sokafantsika rehetra androany.

Tsy takila mamadika ny lasa anefa izany, satria eo amin'ny fiainam-pirenena ny lasa tsy mba fanadinoana, fa vao mainka aza fanilo itarafana ny ho avy, anatra itsinjovana ny ampitso ary tombon-dahiny ho hatevenin'ny fara aman-dimby.

Koa na dia mivonona aza isika hanome hery vaovao ity firenena tafihin'ny alon-drano mahery vaika ity, dia ataoko fa ho zava-poana ny risi-po sy ny ezaka ary ny finiavana manentana antsika raha tsy banjinina ny lasa hanamafisana orina ny fivoarana rehetra kasaina.

Ary raha todihina izany lasa efa tonga tantara izany, dia miavaka avy hatrany ny asa makadiry nimasoan'ny olo-manga tsy hay hadinoina ka voarakitra ho tsangambato hahatsiarovan'ny taranaka amam-para fa manana ny maherifony ny firenena sy ny vahoaka malagasy, ka tsy hitsahamandroso eo amin'ny fikatsahana ny fahafahana sy ny rariny, izay hany fototry ny fiaraha-monina anjakan'ny fitoviana eo amin'ny lafim-piainana rehetra.

Anisan'ireny mahery fo ireny, izay tsy ho voatanisa eto daholo, ianao, ry Jeneraly. Tsy ho faty kosehina na oviana na oviana ny asa fanavotan-tanindrazana niandraiketanao tamim-pandavan-tena isaky izay nandindona ny loza, ka nihozongozona ny maha-firenena ny firenena, ny maha-vahoaka ny vahoaka, ny maha-fanjakana ny fanjakana, ny maha-Malagasy ny Malagasy.

Zovy moa no tsy hahatadidy fa tsy niamboho adidy ianao tamin' ny volana mai 1972 : hamitrana, handamina, hampitony na ny fihavanana saika rava, na ny tany tojo korontana, na ny saina toa nisavorovoro.

Mino aho fa tsy misy Malagasy, na dia iray aza, eran'ny lafy valon'ny Nosy afaka hanao fanakianana ny fanavotan-tanindrazana nataonao tamin'ireny fotoana ireny, na tamin'ny fanelanelanana samihafa izany, na tamin'ny naha-governora miaramilan'Antananarivo anao.

Sitraky ny vahoaka ireny, Tompokolahy, telin'ny firenena, ka sanatria tsy ho very maina tahaka ny vanja natifi-danitra.

.../...

Soa ihany anie nanana anao, fa saika latsaka tany amin'ny aizina nangitsokitsoka i Madagasikara raha tsy nijoro fanindroany indray ianao, efa-bolana lasa izay, raha novonoin'ny mpisompatra sy ny ratsy fanahy ny mahery fon'ny tanindrazana, dia ny zokiko nitantana ity firenena ity, indrisy ! nandritry ny indray mitopy maso monja.

Ry Jeneraly, tsy ho lany fankasitrahana anao ny Malagasy mpiray donak'afo aminao. Koa miray feo amin'izy ireo aho hidera sy hankato ny ohatra miezinezina natsanganao ho fakan-tahak'izay rehetra vonon-kanompo ity tany ity, indrindra fa ny solofo dimbin'ny ala, kolokolo dimbin'ny vary, tahaka anay izao.

Ary noho ianao ho Filohan'ny Komity Miaramila momba ny Fampandrosoana, ary satria koa ny zoky fihantana, sady isika izao dia efa faladia naharon'ny làlana, dia manentana amin'ny foko rehetra aho, ry Jeneraly, ary matoky tsy amim-pisalasalana fa tsy ho fola-tàna-manondro raha mitodika aminao, fa hahita kosa zoky be toa ray izay hanampy, hanohana ary hanipy hevitra ho enti-manatsara lalandava ny fitantanana ny asa amandraharaham-pirenena.

Mahombiaza, soava, tsarà ihany hianao, ry Jeneraly, trarà antitra, aza marofy.

Tompokolahy isany,

Amin'izao fotoana nanolorana ahy ny andraikitra ambony amin'ny fitantanana ny tany sy ny fanjakana izao, dia tsy haiko ny tsy hahatsiaro ireo nialoha ahy teo amin'izany toerana mavesatra adidy izany.

Ny tiako hotsahivina manokana eto dia i Kolonely Richard RATSIMANDRAVA, Lehiben'ny Governemanta sy Filoham-pirenena, izay nofaohin'ny fahafatesana tamintsika nohon'ny hetraketraka sy ny ankasomparan'ny fahavalon'ny tolom-pirenena. Koa mamelà ahy ianareo hamelona eto indray ny afon'ny fahatsiarovana an'izany lehilahy izany.

Alohan'izany anefa, dia miangavy anareo aho mba hiara-miondrika am-pahanginana mandritra ny iray minitra, ho mari-panajana azy.

Tompokolahy isany,

Niarahantsika nahatsapa ny fangirifiriana nihatra tamin'ny firenena noho ny namoizantsika an'Itompokolahy Richard RATSIMANDRAVA, teo amin'ny fotoana tsy nampoizina.

Very olomanga i Madagasikara. Nisaona ny firenena. Nahatsiaro ho toy ny kamboty ny vahoaka. Lavo teo am-perin'ady ilay mpitari-tolona vao nisandratra.

Tsy hamerina eto ny tantaram-piainany aho, fa ny hiezahako kosa dia ny hampisongadina izay azo heverina ho toy ny hafatra navelany ho antsika.

.../...

I Kolonely Richard RATSIMANDRAVA dia anisan'ny taranaka malagasy indray mihira, vavolombelon'ny fahatsiarovantenan'ny vahoaka malagasy mitady ny anjara toerany eo afovoan'izao tontolo izao.

Tany Frantsa no nihaonanay voalohany, satria fianakaviana iray ihany no solon-dray aman-dreny nikarakara anay mirahalahy tamin'izany fotoana izany.

Soritako io satria tsara ny hahalalan'ireo tanora tato aoriana fa sarotra tokoa anie ny safidy nipetraka tamin'ny zatovo malagasy tehandalim-pianarana tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany, ka tena tonga amin' ilay fitenenana hoe : Mandroso maty raibe, mihemotra maty renibe. Ary satria ny hanefy olona hanompo azy no nimasoan'ny mpanjanantany, dia anjaran'ny zatovo ny mitady làlana mba tsy ho latsaka ao anaty vovon'ny fanjanahan-tsaina.

Ny ho miaramila no safidin'Itompokolahy Richard RATSIMANDRAVA noho ny fitiavany ny tanindrazany sy ny fandraisana andraikitra, izay noheveriny fa maha-olona afaka ny olombelona.

Koa izany indrindra no tsy nanaovany ambanin-javatra ny famporisihina ny fandraisan'ny vahoaka andraikitra teo amin'ny fitantanandraharaha sy ny fampandrosoana.

Mpamaky lay Itompokolahy Richard RATSIMANDRAVA. Nosoritany mazava ny làlana, nefa mbola maro ny vato misakana tsy maintsy harodana, ka ho lava ezaka ny diantsika.

Mino anefa aho fa vonona hiatrika adidy isika Malagasy. Vonona hisikim-ponitra, hitozo ny làlana mankany amin'ny fahafahana, ny fandrosoana, ny fandriampahalemana ary ny firaisam-pirenena.

"Tsy hiamboho adidy aho...", hoy Itompokolahy tamin'ny feo matotra feno finiavana. Saina vonona hanapotika ny fatoran'ny kapitalista mangeja ny vahoaka, ary ny fokonolona no nokendreny ho fitaovana hanatanterahana izany voady izany. Indrisy, fa noho ny herisetran'ny fahavalon'ny tolom-piavotana, noho ny asan'ny Imperialista, dia tsy afaka manatanteraka izany izy.

Nefa na maty aza ny Kolonely Richard RATSIMANDRAVA, sanatria tsy niara-nilevina taminy ny asa efa natombony. Ny vahoaka, ny fokonolona, isika rehetra no vato namelan-kafatra. Tsy avelantsika ho raraka an-tany izany hafatra izany, fa vao mainka aza hohatevenintsika, hohatsaraintsika hotohizantsika amin'ny herintsika rehetra, fa izany no tsangambato mendrika indrindra hatsangantsika fahatsiarovana an'Itompokolahy Richard RATSIMANDRAVA. Ary ho mari-panajana azy dia hasondrotra manomboka androany ho Jeneraly Itompokolahy Richard RATSIMANDRAVA.

Tompokolahy manamboninahitra isany,

Mitodika manokana aminareo zoky, zandry, rahalahy ao amin'ny foloalindahy aho. Misaotra anareo tsy niroa fo, tsy nitandro hasasarana nanatontosa ny adidinareo tamim-pahatsorana sy fanetren-tena mendri-

.../...

piderana. Hambinin-java-manasatra anie ianareo rehetra, ka hody ventiny malaky ny rano natsakaina.

Eny, notoloranareo enta-mavesatra tokoa aho, ry zalahy, nefa fantatro fa fitiavan-tanindrazana no hany nibaiko izany fanapahan-kevitrareo izany.

Ary satria moa hianareo no loharano nipoirana, angady nananana ary vy nahitana, dia ambarako aminareo am-pahibemaso eto fa hanao izay tratry ny heriko rehetra aho hikarakara sy hanondro-boninahitra ny foloalindahy malagasy izay mandan'ny firenena, aron'ny vahoaka ary ampingan' ny fanjakana, ka tetehin'ny Imperialista sy ny saribakoliny ho potehina mba hahafahany mampisara-bazana antsika ka hanjakazakany.

Ry vahoaka malagasy,

Akanga sisa nanamborana ity ny zanakareo, ka sady mangata-tsodrano no miantso manao soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra.

Asa vadi-drano izy ity ka tsy efako izaho samirery raha tsy miara-mientana isika rehetra.

Ampio aho hanorina fiaraha-monina anjakan'ny fitoviana sy ny firahalahiana araka ny fianianana izay vao nataoko teo, ary mifanandrify indrindra na amin'ny soritr'asa lanieram-bahoaka tamin'ny 1972, na amin' ny didy folon'ny Komitim-pitondrana Miaramila.

Tsetsatsetsa tsy aritra ihany ny ahy androany, fa rahampitso dia hifamotoana isika hidinika ambany tafon-trano momba ny tombatomban'ny fandaharan'asa izay hiaraha-manatanteraka, ary ao anatin'izany indrindra ny fanatevenana sy fanatsarana ny fokonolona izay tsy azo atao ambaninjavatra, satria andry iankinan'ny fahaleovantena ara-toe-karena.

Hitanareo fa nivoaka iny ny didim-pitsarana. Fitsaran'olombelona ihany izany ary nitsara izy tamin'izay "dossier" teo am-pelatànany. Koa miangavy anareo aho, araka ny efa nolazaiko teo : sao ataon'ny olona fiasana fotsiny. Na dia tokony hisy aza ny fihetseham-po samihafa, miangavy anareo aho mba samy ho tony, sao dia ataon'ny Imperialista sy ny saribakoliny fiasana fotsiny isika, mba hanakorontana ity firenena ity sy hanjakazakany indray.

Ny andraikitra tsy an'olon-dratsy. Koa samia vonona isika. Samia vonona hiasa fa fanavotana ity !

Ho ela velona anie Madagasikara !./.